




« Voalohany indrindra aloha dia zava-dehibe loatra ho an’ny vahoaka malagasy iray manontolo ny fankalazana izany hoe Repoblika faha-efatra izany. Ny antony dia satria miandrandra fandrosoana ny vahoaka malagasy ; miandrandra ny fiovan’ny fiainany ny isam-batan’olona isaky ny Malagasy. Fa ohatry ny somary tohana ary gaga ny tena ankehitriny rehefa hoe: na dia izany fankalazana izany aza dia natao andro fiasana izany andro hentina ankalazana izany fanovana fototra tiana najoro teto amin’ny firenena. Nefa dia nosehosehin’ny mpitondra ankehitriny, tsy norarahiny ny ezaka, ny « *sacrifices* » izay nataon’ny vahoaka mba

hanajoroana izany repoblika vaovao izany.

Sahiko ny miteny sy milaza fa diso fanantenana tanteraka ny vahoaka malagasy ankehitriny. Malahelo ny vahoaka malagasy ; ranomaso, alahelo izany no iainana ankehitriny. Ka eto dia mahafinaritra ahy ny mahita: satria na tsy mitovy ny fomba fijery; na tsy mitovy ny foto-kevitra dia mila mifandray tànana, mila mifanome tànana mba hoentina anavotana ity firenena ity. Satria masina loatra ny Tanindrazana. Izay ny antony nanaovanay hoe : tsy maintsy ankalazaina ny andron'ny faha-11 Desambra na dia tsy te-ankalaza aza ny hafa. Raha i Andry Rajoelina no tsy tiana, tsy mampaninona. Fa raha ny vahoaka malagasy kosa no osehosehana, atao tsinontsinona, tsy ekeko, tsy eken-tsika ary tsy maintsy mijoro isika
»
.




« Mikasika ny fampihavanam-pirenena: tsy misy fampihavanam-pirenena vita, tsy afaka atao raha fampihavanam-pirenena ao anatin'ny fiatsaram-belan-tsihy. Rehefa tsy madio fo, rehefa tsy madio saina, rehefa tsy tia Tanindrazana ny olona te-hanao izany fampihavanam-pirenena izany dia zava-poana izany fampihavanam-pirenena izany.

« Ny antso ataoko ho an'ny rehetra, indrindra isaorako izay tonga namaly ny fanasana ka nanotrona androany dia tsotra: firenena no jerena; vahoaka no banjinina ary izany no fototra tokony apetraka hanohizana iny làlana iny. Izay mieritreritra fa any aoriana iny làlana iny, diso tanteraka izy: ny làlana no aloha anao foana ary ny làlana tsy afaka avilivilinao fa mivarina any anaty antsana ianao raha ohatra ka tsy mahatsiaro na tsy manaraka an' **iny làlana iny** ».

